

# Ny Fiainana ao amin'ny Ra

*Aoka isika hanatona ny Toerana Masina Indrindra*



## Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Ao amin’ny Testamenta Taloha, ny bokin’ny Levitikosy dia mirakitra ireo toromarika ho an’ny fisoronana Aronika an’i Isiraely. Hoy ny Tompo:

> “Fa ny ain'ny nofo dia amin'ny ra; ary nomeko anareo izany hatao ambonin'ny alitara hanao fanavotana ho an'ny ainareo, fa ny ra no manao fanavotana, satria aina izany.” (Levitikosy 17:11)

Izany dia fanambarana ara-paminaniana lehibe iray izay tanteraka tamin’ny taonjato faha efatra ambin’ny folo tatỳ aoriana tamin’i Jesosy. Ny teny nadika hoe fiainana dia ny teny Hebreo ilazàna ny fanahy (nephesh). Tsy ny ain’ny olombelona ihany no ao anaty ra, fa ny fanahy koa. Fantatsika rehetra fa rehefa tsy mandeha intsony ny ra dia lasa ny aina. Amin'ny lafiny iray, miankina amin'ny ra ny aina.

Ao amin’ny toko teo aloha ao amin’ny Levitikosy, ao amin’ireo toromarika ho an’ny Andro Fanavotana, dia nilaza tamin’i Arona, mpisoronabe, rahalahiny i Mosesy, fa indray mandeha isan-taona ihany no mahazo miditra ao amin’ny Fitoerana Masina Indrindra izy, eo amin’ny fanatrehan’Andriamanitra eo no ho eo. Tsy maintsy niditra izy nitàna fandoroana ditin-kazo manitra iray feno vain’afo sy ditin-kazo manitra teo amboniny mba handefasana entona mani-pofona; teo amin’ny lafiny iray kosa dia tsy maintsy nitàna ny ran’ny fanatitra noho ny ota izay novonoina teo anoloan’ny tabernakely izy. Raha tsy nànana ny entona manitra nisy ditin-kazo manitra izy sy ny ran’ilay biby natao sorona, dia fahafatesana no ho vokatr’izany. Tsy nisy fidirana ho eo anatrehan’Andriamanitra raha tsy nisy ireo zavatra roa ireo.

Ny fandoroana ditin-kazo manitra, miaraka amin'ny entona manitra, dia tandindona hatsaran-tarehy izay maneho fanompoam-pivavahana. Tsy tonga amin’ny fanatrehan'Andriamanitra eo no ho eo isika raha tsy misy fanompoam-pivavahana. Saingy tsy ho tonga tsy miaraka amin’ny ra mihitsy isika, izay miresaka momba ny

fanavotana noho ny fahotantsika. Ireo sary ao amin'ny Testamenta Taloha ireo dia tandindona ara-paminaniana — famantarana ny amin'izay tena ho tanteraka ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa afaka manatona Anao amin’ny ran’i Jesosy aho. Manambara aho fa tonga eo amin’ny fanatrehan’Andriamanitra eo no ho eo miaraka amin’ny fanompoam-pivavahana sy ny ram-panavotana. Hanatona ny Fitoerana Masina Indrindra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

**Fivoriana fampaherezam-panahy** ★

Fandikana: WD-B097-321-MLG
Nohavaozina farany: 16 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

